## An-kitsim-po

### Valala mpiandry fasana

Misoko mangina toy ny ron-gisa ! Izany no azo ilazana ny fifindra-monina avy any ambanivohitra mamonjy ny tanàn-dehibe. Mihevitra ny hitady ny tsara kokoa, matoa miala ny tontolo ambanivohitra. Saingy, noho ny tsy fisian' ny fivoarana eny ambanivohitra no tena mahatonga ity tranga ity. Mihatery ny tany, tsy mivoatra ny fomba famokarana satria mbola ny angady ihany no hany ananana raha ny fambolena no asianteny. Tsy nahatody hatramin' ny farany tamin'ny fianarana anefa ny ankamaroan'izy ireny. Ny diplaoma Cepe sy ny Bepc matetika no fari-pahaizana ananana, nefa tsy ahafahana mivelona akory, fa lasa mpikarama isam-bolana amin' ny karama vary masaka, na rniasa tena amin'ny varotra amoron-dalana. Tsy mahagaga ny vokany raha mitotongana aty an-tanàn-dehibe ny sokajin'olona tokony hamokatra, satria manodidina ny 20 ka hatramin'ny 40 taona, fotoana tokony hamokarana ny ankamaroany.

Hany ka ny ray amandreny sy ny ankizy madinika sisa no tavela any an-tanàna, izay zary ho lasa valala mpiandry fasana, araka ny fiteny tany aloha. Tsy mbola nisy nijery akaiky ity loza manambana ny ho avin'ny tontolo ambanivohitra ity, hatreto aloha.

**Njaka Andriantefiarinesy**

## FENO 10 TAONA NY ADES

# Mamokatra ny fatana mandeha amin'ny masoandro

Mitsinjo tontolo iainana ! Niorina teto Madagasikara tamin'ny taona 2001 ny fikambanana hampandrosoana ny angovo avy amin'ny masoandro (Ades). Ilay teratany soisa avy any Ziefen Bâle Campagne, Eduard Probost no nampiroborobo ny fatana mandeha amin'ny masoandro maneran-tany voalohany, ary nanapariaka azy tany Afrika Atsimo, Kenya, Pérou, sns tamin'ny taompolo 70. Roland Baumann, teratany soisa ihany koa no nandimby azy, sady nanohy ny tetikasa Ades teto Madagasikara. Toerana efatra no iasan'ny fikambanana ankehitriny, Toliara, Morondava, Ejeda ary Morombe, manamboatra fatana mandeha amin' ny masoandro, ary mampiasa olona manodidina ny 60. Mponina isan-toerana ihany no hofanina hifehy ny fanamboarana fatana mandeha amin'ny masoandro, ary misy koa ny mandeha amin' ny *«photovoltaïque»* sy avy amin'ny rivotra. Latsaka 65% miohatra amin'ny fampiasana kitay ny tombony azo amin'ny fampiasana ny fatana vokarin'ny Ades. Misy ny fandaharam-pianarana omena ny mpianatra, miompana amin'ny fikajiana ny tontolo iainana sy ny fampiasana angovo azo havaozina.



*Ny fatana vita amin'ny masoandro.*



*R.Baumann mivady, mitantana ny Ades.*

Nanomboka tamin'ny fiandohan'ny volana jolay teo ny fankalazana ny jobily faha-10 taonan'ny Ades, notanterahina tany Fianarantsoa. Anisan'ny vokatra vitan'ny fikambanana ny nahafaha-nikajy faritrala maina hatrany amin'ny 30.000 ha, nandritra ny niorenany teto Madagasikara. Amin'ny maha fikambanana tsy mikaroka tombombarotra azy, vidiny zakan'ny rehetra, indrindra ny tantsaha no ivarotana ny fatana vokarina.

**Njaka A.**